FANOFANANA MPAMPIANATRA SEKOLY ALAHADY 29 MARSA 2015

MITAIZA SY MANABE ARAKA NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA

NY **FAHENDRENA : KRISTY** 1Kor 1 : 24

Ohab 10 :1 « Ny zanaka hendry dia mahafaly ny rainy », sady mahafaly no manome voninahitr'Atra.

1. MITAKY ANDRAIKITRA AMIN'NY RAY AMAN-DRENY :

1. MITONDRA, MANOLOTRA NY ZANANY HO EO AMIN'I Jesoa (Marka 10 : 13)
2. MITONDRA AM-BAVAKA NY ZANANY (Joba 1 : Joba nanao fanatitra ho an-janany ho an'ny zanany ts1/1 eo anatrehan'Atra) : tsy mitovy ireo zaza ireo, fahasamihafana, entina am-bavaka tsirairay fa tsy atao ankapobeny.
3. MANDEHA MIANGONA MIARAKA AMIN'NY ZANATSIKA, MIARA-MIVAVAKA (Lioka 2 : 41): tsy manao fotsiny hoe ataovy ny VAVAKA na hoe mandehana fa izahay mbola hiala sasatra
4. AMPIANARO SORATRA MASINA NY ANKIZY Salamo 87 : 3-4, 1Tim 3 : 15 :: betsaka ireo zavatra ampianarin'ny fiaraha-monina azy (Profs, Maîtresse no ekeny raha mbola kely, fa à partir de 15 ans ny namany no henoiny)
5. MILA MIRESAKA NY TENIN'ANDRIAMANITRA aminy Deot 6 : 6-9
6. TEZAO HATAHOTRA An'Atra, MITIA SY MANAJA An'Atra mifanohitra amin'ny hoe bedin'Atra
7. MITAONA NY ZANATSIKA HANDRAY AN'I JESOA : Jaona 3 : 16, Andininy Fototra koa ny Jaona 1 : 12, 13 « Fa izay rehetra nandray Azy no tonga zanak'Atra ». Ahoana no hahatongavany amin'ny lalam-pamonjena ka hanaovany conféssion de foi : Jesoa no Tompo sy Mpamonjy ny fiainako. Tsy ampy ny hoe efa notezaina tamin'ny fomba kristiana kanefa nivaona fa mila manao confession de foi.
8. MIANKINA AMIN'NY FAHENDREN'Atra (Jak 1 : 5) : Betsaka koa ny fampianarana azontsika RAD : Izao no atao, izatsy no atao,…
9. AMBOLEO FAHAZARANA TSARA EO AMIN'NY ZANATSIKA Ohab 22 : 6 : Zaro amin'ny lalana : Ny zavatra ratsy mora azo sarotra ny manala azy, ny zavatra tsara sarotra raisina fa mora ny manongotra azy : mivavaka, mamaky Baiboly isan'andro, FIARAHA-MIVAVAKY NY MPIANAKAVY : eo koa ny ifampizarana ny manjo ny tsirairay.
10. ZARO AMPANDRAISINA ANDRAIKITRA IZY (Gen22 : 6) Fandrika ihany ankehitriny ilay hoe Zon'ny zaza : mianatra, milalao,… Fa diniho Abrahama teo anatrehan'Isaka. Isaka nampitondrainy kitay amin'izay vitany araka ny taonany , tsy nampitondrainy ny afo na ny antsy : fa rehefa mahatsapa izany dia mahalala mody, mba tsy hihoa-pefy izy ka hamorona zavatra hafa, fantaro izay tokony ho vitany dia tezao izy hiomana amin'izany, asio calendrier mihitsy hoe ianao no masa vilia, mahandro ny sakafo hariva,...
11. MANANA FOTOANA IARAHANA AMIN'NY ZANATSIKA : Marka 10 : 14, Mijere fotoana, ahenao ny gazety, ny télévision, alamino ny adidy sy ny fanompoana samihafa, manokana fotoana hihainoana mba hizarany ny manahirana azy sy ny mahafaly azy amintsika fa raha tsy izany dia ny hafa no hanoro mety vahaolana. Fantaro ny zanakao, miresaha aminy mba hahafantaranao azy tsirairay.
12. METEZA HIHAINO NY ZANATSIKA : Lioka 2 : 41-54, Jesoa tsy hita nifampitadiavany ka rehefa hitan'ny RAD dia nanontanian'ny RADniny hoe taiza ianao anaka, ny hikapoka no mahamaika satria efa misy fisainana efa raikitra ao amintsika ao ka tsy mihaino akory, MBA MIHAINOA AZY DIA HIHAINO ANTSIKA KOA IZY. REHEFA TSY MIHAINO ISIKA DIA TSY METY MIHAINO KOA IZY
13. MAMETRAKA FIERITRERETANA VELONA AO ANATIN'NY ZANATSIKA Gen 3 : 16-17: Ampahafantaro azy ny voka-dratsin'ny zavatra ataony sy ny safidiny : Ity tsy azo atao nefa tsy misy antony, tsy angano (mandàka rindrina mahafaty renibe)
14. KENDRENA NY HAMPIVELATRA AZY AMIN'NY LAFINY REHETRA (Lioka 2 : 52 vatana-saina-fanahy) MIARA-MITOMBO IREO
15. TEZAO HO SAHY HISEDRA FIAINANA : 1 Kor 16 : 13 ; Lioka 9 : 23 ; 2 Tim 1 : 7, aza kenakenanina loatra fa ady ny fiainana, mafy indrindra ny fiainana maha-kristiana. Avelao izy hisedra, hamaha olana, eny fa na dia ny adin'ny samy ankizy aza raha mbola vitany. Responsabiliser les enfants : Avelao mba izy ihany no hamaha ny olany indraindray fa manjary kenakenaina lava.
16. KENDREO MBA HANDANJALANJANY NY ZAVATRA ATAONY Ohab 9 : 12 raha maditra ianao na hendry dia ho anao ihany.
17. KENDREO MBA HIFANDRAY AMIN'NY NAMANA TSARA 1Kor 15 :33, Fantaro ny naman'ny zanatsika, Iza ? Aiza ? **ISIKA RAD NO MIPETRAKA HO NAMAN'NY ZANATSIKA** ka miara-milalao aminy, manao zavatra miaraka aminy, hatramin'ny 15 taona dia aborany aminao daholo ny zavatra rehetra, fa après izay rehefa tsy namany intsony ianao dia betsaka no afeniny, ka namana hafa mira vahaolana hafa.
18. AOKA TSY HISY TOMBO SY HALA NY FITONDRANA NY ZANATSIKA : hoatry ny tonga ho azy : matoa-evo-farany, Gen 25 : 28 : Esao sy Jakoba : ny iray tian'ny reniny kokoa, ny iray tian'ny reniny kokoa ; Gen 27 : 1-40 : FITONDRANA NA FITIAVANA MITANILA NANAKORONTANA, tantaran'i Josefa zanaky ny fahanterana hafa fitondrana mila tandremana.

2. MILA MANANA TOETRA FAKAN-TAHAKA ISIKA (MODELY) AMIN'NY LAFINY REHETRA :

1. Ezekiela 16/44 TOETRA TSARA, 1Kor 11,1, FOMBA FITENY (manopa=manasamby na kely na lehibe) modely manaraka ho azy ny ankizy (Efesiana 4 : 29 ; 1 Pet 2 : 9) FIANARANA
2. MODELY AMIN'NY FAHAZOTOANA SY FAHATOKIANA AMIN'NY ASA (asan'Atra sy ny asa andavan'andro) : variana miloka, mitoky amin-javatra betsaka fa tsy miasa Ohab 12 : 27, Romana 12 : 11.
3. MODELY AMIN'NY FAHAMARINANA : Misy mandondona ao ivelany dia teneno hoe tsy ao hono izy. Tsy mamerim-bola intsony (Efes 4 : 25 ; Jaona 8 : 44). tsarovy fa eritreretany fa mety izany ka ahoana no hanaovako an'izany amintsika RAD ao aoriana.
4. MODELY AMIN'NY FIFEHEZAN-TENA : DISCIPLINE : Efes 4 : 26, isika modely amin'ny fifonanana, heure d'entée à la maison, vonoy télé nefa avy eo isika mijery télévision ihany.
5. MODELY AMIN'NY FANAOVANA ASA SOA : fanampiana ny hafa Hebreo 13 : 16, fifaliana no manome ny hafa ka ampianarina ny ankizy.
6. FAHAIZANA MANAJA SY FAHALALAM-POMBA : 1 Pet 3 : 6 ; Ton 1 : 15, mpivady modely amin'ny alalan'ny teny fifanajana. Mitaraina mihitsy ny maro satria efa tsy misy intsony izany, foana ny instruction civique. « tompoko », « tompokovavy » : fifampiantsoin'ny mpivady.
7. AMIN'NY FITIAVAM-BAVAKA (Lioka 1 : 17) : Rehefa tia vavaka ny RAD dia tia vavaka koa ny zanany.
8. AMIN'NY FITIAVAN-TANINDRAZANA : 1 Tim 2 : 1-2 , Estera « Ataoko ahoana ny fijery ny loza hanjo ny fireneko »
9. AMIN'NY FITIAVANA : Rom 12 : 9-10, 1Kor 13 : Raha te handray fitiavana dia mahaiza mizara fitiavana.

Isaia 45 : 11 « Fa raha ny zanako sy ny asan'ny tanako dia aoka ho adidiko ihany ».

Manana andraikitra isika amin'ny zanatsika fa aza avela fotsiny amin'ny hafa (mpampianatra Sekoly Alahady, Mpampianatra, sns…).

Entre 5 à 12 ans ny famolavolana ny zaza, afaka maka fanapahan-kevitra izy eo, araraoty io fotoana io handraisany an'i Jesoa.

Aoka tsy ho fomba fitenintsika RAD kristiana ilay hoe : « Izay ataoko aza atao fa izay lazaiko tanteraho », fa tokony ho modely tanteraka isika na amin'ny teny na amin'ny atao. Miankina amin'ny fahendren'Andriamanitra. Ataon'i Satana izay hamotika ny kristiana ka mampiasa ireto tetik'ady ireto izy :

- ataony izay tsy hananantsika fotoana sy finiavana hamaky ny Tenin'Andriamanitra sy hivavaka
- ataony izay amotehana ny zaza sy ny ankizy izay fototra sy ho avin'ny fiangonana

MANAHAKA AN'I KRISTY MANDRAKARIVA ARY MIANATRA EO AN-TONGOTR'I KRISTY.